

**Andro fivavahana sy fifadian-kanina**

**Boky tari-dalana**

**Loha-hevitra : Mpitolona amim-bavaka manova izao tontolo izao**

*Fivavahana manova izao tontolo izao*

Telovolana voalohany 2019

Sabata 5 janoary 2019

**Fifohazana sy Fanavaozana**

## **Loha-hevitra : Mpitolona am-bavaka manova izao tontolo izao**

*Fivavahana manova izao tontolo izao*

### **Inona no antony ilàna ny andro fifadian-kanina sy fivavahana ?**

Alaivo sary an-tsaina fa ianareo dia ray aman-dreny izay tsy maintsy handao ny zanakareo, ary tsy hihona amin'izy ireo intsony raha tsy any amin'ny fanjakan'ny lanitra indray. Inona no zava-dehibe indrindra tokony holazainareo amin'izy ireo ?

Nanana izany olana izany i Jesosy teo am-piomanana hiverina ho any an-danitra rehefa avy nohomboina teo amin'ny hazo fijaliana. Inona no enta-mavesatra farany nozaráinny tamin'ny mpianany ? Rehefa mamaky ny vavaka sy ny toro-hevitra farany nomeny ao amin'ny Jaona 15-17 isika dia hahatsikaritra fa misy loha-hevitra miverimberina ao : firaisan-kina, fitiavana ary ny fitadiavana an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka. Fanirian'i Jesosy ny hahita ny fiangonana vao njoro banana tanjona iraisaina, hisy firindrana eo anivony ary hanatanteraka iraka miaraka. Ankehitriny, ao anatin'ny tsy fitoviam-pijery izay tsy mbola nisy toy izany teto amin'izao tontolo izao, teo amin'ny firenentsika sy ny fiangonantsika, dia ilaintsika koa ny hihaino ny toro-hevitra avy amin'i Jesosy ny amin'ny hikatsahana ny Fanahiny sy ny hiarahan'ny rehetra manatanteraka ny iraka. Amin'ny maha-olombelona dia toa tsy ho vita izany. Izany indrindra no antony ilàntsika mivavaka mbola tsy nisy toy izany tany aloha mba hisian'ny fahagagan'ny fampihavanana izay Andriamanitra irery ihany no afaka mitondra izany.

Manasa anareo izahay mba hivavaka ao amin'ny toerana voatokana fanaovanareo izany. Manasa anareo izahay mba hivavaka miaraka amin'ny mambran'ny fiangonana misy anareo. Manasa anareo koa izahay mba hivavaka sy hifady hanina ao anatin'ny sehatry ny Fifohazana sy Fanavaozana maneran-tany. Mety tsy hisafidy ny hifady hanina tanteraka ianareo. Angamba mety hifady tsy hihinana ny tsindrin-tsakafo ianareo na ny fikirakirana ny fifandraisana eo amin'ny tambazotra ara-tsosialy na koa hampihena ny fihinanareo sakafotra amin'ny zavamaniry.

« Manomboka izao ka hatramin'ny fifaranan'ny fotoana, ny vahoakan'Andriamanitra dia tokony ho matotra kokoa, ho malina kokoa, tsy hiantehitra amin'ny fahendren'ny tenany, fa amin'ny fahendren'Ilay Mpitarika azy ireo. Tokony hanokana fotoana hifadian-kanina sy hivavahana izy ireo. » (Ellen White, Review and Herald, Feb. 11, 1904).

Noho ny safidinareo hifantoka lalindalina kokoa amin'ny fivavahana, dia hitahy anareo anie Andriamanitra sy hanatanjaka ny fonareo amin'ireo andro feno fihaikana ho avy rehetra.

Cindy Tutsch.

Komitin'ny Fifohazana sy Fanavaozana

### **Soso-kevitra mikasika ny drafitra arahina**

#### **Fandaharam-potoana mandritra ny tontolo andro :**

- Fandinhan-tena /toriteny : « Fivavahana manova izao tontolo izao. » Azo atao toriteny amin'ny Sabata maraina na atao ho fandinhan-tena mialoha ny fotoana natokana hivavahana.
- Raha atao toriteny amin'ny maraina izany, dia ho hitantsika eo ambany ny toko sy andininy fototra sy ny tantara ho an'ny ankizy.
- Omena antsika ato anatin'ny tari-dalana ity ny soso-kevitra mikasika ny fotoam-bavaka amin'ny tolakandro. Mampirisika izahay mba haharitra eo amin'ny ora 1-2 izany, avelao ny Fanahy Masina no hitarika.
- Asao ny mambran'ny fiangonana mba hiaraka hivavaka sy hifady hanina. Manaova dika betsaka ary zarao izay tsara ho fantatra mikasika ny fifadian-kanina fara-faharatsiny herinandro mialoha mba hahatakaran'ny mambra izany hoe mifady hanina sy mivavaka izany sy mba hahazoan'izy ireo misafidy ny fomba handraisany anjara amin'io andro io.

**Vakiteny fototra : Jakoba 5:13-16**

**Soso-kevitra mikasika ny tantara ho an'ny ankizy :**

Tantarao ny niantsoan'Andriamanitra an'i Samoela ao amin'ny 1 Samoela 3. Tsindriana ireto teboka manaraka ireto :

- Zaza i Samoela. Manasa ny ankizy Andriamanitra mba hahafantatra Azy sy hanompo Azy.
- Tsy nahafantatra ny fomba hihainoana sy hiresahana amin'Andriamanitra i Samoela, dia nanontany an'i Ely izy. Ny ray aman-drenintsika, ny mpampianatra SS, ny raibe sy renibentsika, ary ireo olona hafa ihany koa dia afaka manampy antsika hahafantatra bebe kokoa hatrany an'Andriamanitra.
- Nampiasa an'i Samoela Andriamanitra mba hahatonga ny hafa hahafantatra Azy. Na dia zaza aza isika dia afaka hanampy ny hafa hianatra mikasika ny fitiavan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny teny sy ny asa.

## **TORITENY / FANDINIHAN-TENA**

### **Fivavahana manova izao tontolo izao**

In-11 monja no voatonona ao amin'ny Soratra Masina ny anarany. Ankoatra ny fiaiany andavanandro dia voarakitra ao amin'ny toko iray sy tapany ao amin'ny Soratra Masina ny tantarany. Na dia izany aza anefa, ny vavaka indray mandeha izay nataony dia nanova firenena iray manontolo.

Ny fitazanana azy anefa dia tsy toy ireny olona mpitolona am-bavaka izay afaka hanova izao tontolo izao ireny – anisan'ny nahatonga izany dia noho izy vehivavy izay velona tamin'ny vanim-potoana izay tsy nanasongadinana firy ny vehivavy teo amin'ny fiaraha-monina nisy azy : tamin'izany ny vehivavy dia fantatra amin'ny fanaovana ny raharaha andavanandro amin'ny fiahiana ny ankohonany, fiterahana, fikarakarana ny tokantrano, fahandroana sakafo, fitangoronana manodidina ny fantsakana miresaka sy manovo rano vao maraina isan'andro.

Mpanota no fahitan'ny olona azy. Ohatra ireny olona ataon'ny fiaraha-monina ankilabao ireny ny fandraisan'ny vahoaka azy. Tsy hoe noho ny zavatra nataony akory fa noho ny zavatra izay tsy nataony.

Toy izao no voalaza ao amin'ny 1 Sam. 1:2 « fa Hana kosa tsy mba nanana (zanaka). »

Tamin'izany fotoana izany dia ny isan'ny zanaka nateraky ny vehivavy tamin'ny vadiny no nametra ny tombam-bidiny. Momba i Hana. Ny fahamombany dia noheverina ho toy ny sazy avy tamin'Andriamanitra. Na tany an-tsena izy, na nantsaka rano isan'andro, na nankany amin'ny Synagoga tamin'ny andro Sabata, dia nahafantatra tsara ny fomba fijerin'ny olona azy, naheno ny bitsibitsika sy ny fifosan'ireo azy izy. Narary ny fony nahita ireo namany taloha tsy njery azy sy nifampiresaka taminy. Tena nahatsiaro tena ho irery izy.

Raha heverina hoe marina ilay izy ? Raha tena nofaizin'Andriamanitra tokoa izy ? Inona moa no nataony ? Tena niezaka mafy hiaina tahaka ny olona rehetra izy. Nivavaka izy kanefa toa tsy nihaino azy Andriamanitra. Tena nanahy izy fa na Andriamanitra aza dia niodina tsy njery azy ary tsy te-hahalala na inona na inona momba azy. Feno fiheveran-tena ho meloka sy henatra ny fony.

Fa ny tena mafy indrindra taminy dia ilay alina voalohany izay nitondran'ny vadiny tao an-trano an'i Penina, ilay vady vaovao sady tanora. Tamin'iny alina iny izay natoriany irery voalohany, dia feno alahelo ny fony sady nitomany izy, niaraka tamin'ny filheverana fa ny vadiny dia miaraka matory amin'ny vehivavy hafa.

Tamin'ny fotoana izay nahitany ny fiovan'ny toe-batan'i Penina rehefa nitoe-jaza izy, dia vao maika nitombo ny fatran'ny fahamenarana tao aminy. Fa naninona no tsy izy no teo amin'ny toeran'i Penina. Fa dia inona loatra no nataony ka nahatonga azy ho momba tahaka izao ? Fa naninona no tsy nomen' Andriamanitra zanaka ho azy izy ? Nangina anefa izy teo anatrehan' izany rehetra izany. Ireo namany kosa dia nanalavitra azy. Ny vadiny etsy an-daniny nanorina tokantrano miaraka amin'ny vadiny faharoa.

Dia nitombo hatrany ny ankohonan'i Penina niaraka tamin'ireo zanany lahy sy vavy izay naterany. Nitombo niaraka tamin'izany koa anefa ny aretim-pony, satria na dia nomen' Andriamanitra zanaka maro aza izy dia misy zavatra banga be teo amin'ny fiaiany, dia ny fitiavan'ny vadiny azy.

Toy izao no fitantaran'ny mpanoratra ny 1 Samoela ny olana mampalahelo izay nitranga teo amin'ireto vehivavy roa ireto : « Ary tamin'ny andro namonoan'i Elkana zavatra hatao fanatitra dia samy nomeny anjara iray avy Penina vadiny sy ny zananilahy ary ny zananivavy rehetra. Fa

Hana kosa nomeny anjaran-droa, satria izy no tiany, nefo nataon'i Jehovah momba. » (1 Sam. 1:4, 5).

Nanantena zanaka i Hana. Penina kosa nanana zanaka lahy sy vavy maro.

Nanantena ny fitiavan'ny vadiny azy i Penina. I Hana anefa no tiany.

Nitombo ny fifandrafesana teo amin'izy roa vavy izay niray trano sy nanana vady niraisana.

«Ary ny rafiny dia nanorisory azy mba hampalahelo azy mafy noho ny nanaovan'i Jehovah azy momba. » (and. 6). Ny Baiboly dia manambara fa tena nanao izay nampalahelo mafy an'i Hana ny rafiny satria momba izy.

Mampalahelo ny tohin'ny tantara. “Ary izany no fanaon'i Elkana isan-taona, raha niakatra ho any an-tranon'i Jehovah Hana, ary izany koa no nanorisoren'ny rafiny azy, koa nitomany izy sady tsy nety nihinan-kanina.” (and. 7). Isan-taona isan-taona, ilay fotoana natokana hanaovana fanompoam-pivavahana sy fankalazana dia tonga fotoanan'ny fanorisorenana. Raha tokony hanao fanompoam-pivavahana i Hana, dia ny nitomany no nataony.

Raha tonga teo amin'ny antsasaky ny tantara isika, dia misy zavatra hafa mihitsy voambara eo amin'ny andininy faha-3: “Ary tao izy mirahalahy, zanak'i Ely, dia Hofinia sy Finehasa, mpisoron'i Jehovah.”

Nahoana no voatonona ny anaran'izy ireo eo amin'ny antsasaky ny tantara izay miresaka ny amin'ny vehivavy roa izay maratra miady mafy mba hahatanteraka izay irin'ny fon'izy ireo? Hofinia sy i Finehasa dia mpisorona tao amin'ny tempoly. Na anjara asan'izy ireo dia ny mitarika ny israelita hanao fanompoam-pivavahana, hahafantatra sy hifandray amin' Andriamanitra. Fa manana olana iray izy ireo. “Ary ny zanakalahin'i Ely dia tena ratsy fanahy, tsy nahalala an'i Jehovah.” (1 Sam. 2:12). Mpisorona kanefa tsy mahalala an'Andriamanitra na tsy miraharaha ny hahafantatra Azy sy ny asa fanompoana Azy. Tsy nankato ny didin' Andriamanitra mikasika ny fanatitra sy nanery ny olona tsy hankato izy ireo. Nandry tamin'ireo vehivavy tonga hivavaka tao amin'ny tempoly izy ireo. Fantatry ny rainy, Ely, izany. Nanohitra izany izy sady niteny tamin'izy ireo hoe: “Tsia anaka, fa tsy tsara ny teny reko; fa mampanota ny olon'i Jehovah ianareo.” (and. 24). Kanefa tsy nety nihaino izy ireo ary dia tsy nanao na inona na inona mikasika izany i Ely.

Nisy fiantraikany teo amin'ny firenena sy ny fiangonana ny nataon'izy ireo. “Ary tamin'izany andro izany efa nahàlana ny tenin'i Jehovah: tsy nisy fahitana niseho loatra.” (1 Sam. 3:1). Tsy niresaka tamin'ny vahoakany Andriamanitra. Tsy nianatra sady tsy nitombo ny vahoaka. Ny jiron'Andriamanitra, izay naneho ny Fanahy Masina, dia mbola tsy maty tao amin'ny tabernakely (and. 3), fampahatsiahivana izany fa ny Fanahy Masina dia miala moramora amin'ny olona izay tsy mety mihaino intsony.

Naratra ny fon'i Hana. Nihamaty ny fiangonana. Andriamanitra kosa anefa tsy nitazana fotsiny. Noho ny hamafin'izay nanjo azy dia tsy nety nihinan-kanina izy (1 Sam. 1:7). Nentiny teo amin' Andriamanitra tamin'ny farany ny fahoriany. Nandao ny fianakaviany izy ary lasa nankany ampiangonana. Noho ny hamafin'izay nanjo azy dia nitomany sy nivavaka tao am-pony no nataony

namboraka tamin' Andriamanitra izay rehetra tao am-pony manontolo. "Ary Hana dia nalahelo fanahy indrindra, ka nivavaka tamin'i Jehovah izy sady nitomany dia nitomany." (1 Sam. 1:10). Nampanantena an'Andriamanitra izy fa raha mihaino ny vavaka izay ataony Izy ary manome azy zazalahy, dia omeny azy manontolo izany, atolony Azy ny fanantenany sy ny nofinofiny.

Dia nandeha namaky ny tabernakely i Ely raha nivavaka i Hana. Efa fotoana ela izay no tsy nahitany olona nanao fanompoam-pivavahana marina tamin'ny fony manontolo, ka nahatonga azy hihevitra fa mamon-divay i Hana. Ny ankamaroan'ny olona hafa dia izany tokoa. Nananatra azy izy, saingy tsy nahasakana azy tamin'ny fikasany izany. "Dia namaly Hana ka nanao hoe: Tsia, tompoko; vehivavy malahelo fanahy aho, fa tsy nisotro divay na toaka tsy akory, fa mamoaka ny ato am-poko eto anatrehan'i Jehovah aho. Aza mba atao ho vehivavy tena ratsy fanahy ny ankizivavinao; fa ny haben'ny fahoriako sy ny alaheloko no nitenenako mandraka ankehitriny." (and. 15, 16). Tena nalahelo mafy tao am-pony izy sady kivy, kanefa dia napetrany teo amin'Andriamanitra manontolo izany – tamim-pahatsorana sady nanantena izy fa hovaliany izany.

"Dia namaly Ely ka nanao hoe: Mandehana soa aman-tsara; ary homen'Andriamaniry ny Isiraely anao anie izay nangatahinao taminy." (and. 17).

Nino ny tenin'i Ely taminy i Hana. Nitsangana izy dia lasa nody sady nahatoky fa hiditra antsehatra Andriamanitra. "Ary hoy izy : Aoka hahita fitia eo imasonao ny ankizivavinao. Dia lasa nandeha ravehivavy, ary nihinana izy ka tsy nalahelo tarehy intsony." (and. 18). Nanana finoana izy. Tsy misy antony tokony hampalahelo azy intsony. Hamaly ny vavaka nataony Andriamanitra.

Tsy fantatsika ny faharetan'ny fotoana nahatanterahan'izany. Toy izao fotsiny no nambaran'ny Baiboly, "Ary tamin'ny fahatanterahan'ny andro dia nanan'anaka Hana ka nitera-dahy, ary ny anarany nataony hoe Samoela, fa hoy izy: Tamin'i Jehovah no nangatahako azy. [Samoela = Nohenoin'Andriamanitra (?)]" (and. 20).

Taorian'ny taona maro niandrasana sy nanantenana, dia tonga ny zanaka lahy. Maro amintsika no mety hitazona izany zaza izany ary tsy hamela azy hanalavitra antsika. Satria i Hana nampanantena an'Andriamanitra sady hanokana ny zaza hanompo Azy amin'ny androm-piaiany rehetra, dia natolony an'Andriamanitra izy. Rehefa nisara-nono ny zaza dia nentiny tany Silo ary napetrany tao amin'i Ely. Nafoiny ilay zavatra tena niriany fatratra mihoatra noho ny zavatra rehetra sady nino izy fa Andriamanitra dia hampiasa ny zanany ho amin'ny fanompoana Azy sy ho fanehoana ny voninahiny.

Ary dia nanao izany tokoa izy.

"Ary nitombo Samoela, sady nomba azy Jehovah, ka tsy nisy navelany ho raraka an-tany ny teniny. Ary ny Isiraely rehetra hatrany Dana ka hatrany Beri-sheba nahalala fa efa mpaminanin'i Jehovah tokoa Samoela. Dia niseho tao Silo indray Jehovah; fa niseho tamin'i Samoela tao Silo Jehovah tamin'ny teniny." (1 Sam. 3:19-21).

Dia niteny tamin'ny vahoakany indray Andriamanitra. Dia naneho ny tenany indray Izy. Dia nitarika azy ireo indray Izy. Izany rehetra izany dia tsy inona fa vokatry ny vavaka izay nataon'ny olona tsy manana akory ny toetoetr'ireny mpitolona am-bavaka mafana fo ireny.

### **Inona noampianarin'ny tantaran'i Hana antsika mikasika ny fivavahana sy ny fanovana ity izao tontolo izao misy antsika ity?**

1. **Fivavahana sy fifadian-kanina.** Misy zavatra sasany izay tena raisintsika am-po tokoa ka mitarika antsika ho amin'ny fiadian-kanina sy ny fivavahana. Ho an'i Hana, dia ny fahorianana noho ny tsy fananany zanaka. Inona eo amin'ny fainantsika no mahatonga fahorianana izay manosika antsika ho amin'ny fifadian-kanina sy ny fivavahana. Ny zanatsika ve? Fianakaviana sy namana izay tsy mbola mahafantatra an'Andriamanitra ve? Fahotana sy zavatra mangeja izay efa ela no nanirantsika hiala tamin'izany ve? Fihikana manakivy sy misarika antsika tsy hiaina araka ny fainana irin'Andriamanitra ho antsika ve? Amin'ny maha-ankohonana iray ny fiangonana, inona no manosika antsika hifady hanina sy hivavaka miaraka? Ny fianakavantsika, ireo mambra tsy tonga mivavaka intsony, ireo mpifanolobodirindrina miaina amin'ny tsy fahalalana an'i Kristy sy ny fiadanana ary ny fifaliana omeny ve? Moa ve isika mifady hanina sy mivavaka satria tiantsika hovonjena sy hitombo ara-panahy ny zanantsika? Misy olana manokana ve ao am-piangonana izay tokony hoentina am-bavaka sy mila vahana?
2. **Famborahana ny tena zava-misy marina tokoa.** Amin'ny maha-fiangonana antsika, dia miara-mivavaka isika isan-kerinandro. Mivavaka ho an'ny filan'ny olona isika (fahasalamana, asa, lafiny ara-bola). Mivavaka ho an'ny asa fanompoana ao amin'ny fiangonana sy ny mpandahanteny isika. Zava-dehibe ireo zavatra ireo, kanefa ireo ve no tena filana lalina ao am-pontsika ao? Nivavaka mihoatra noho ny fangatahana vavaka mahazatra fotsiny i Hana tamin'ny fanekeny ny fahoriany sy ny fangidiana tao aminy, ny fanantenany sy ny nofinofiny. Ny vavaka nataon'i Hana dia maneho amintsika ny amin' ny ilantsika mandeha lalindalina kokoa sy mamboraka izay tena ao am-pontsika ao marina tokoa.
  - Ilaintsika ve ny mivavaka ho an'ireo zavatra mampaharary sy mahatonga fisarahana ao amin'ny fiangonana?
  - Ilaintsika ve ny mivavaka mba hahazoana famelan-keloka? Fanasitranana? Herim-po?
  - Inona no tanjona kendrena, ny vina sy ny nofinofy ho an'ny fiangonantsika? Tena mivavaka ho amin'izany marina tokoa ve isika?
  - Misy zavatra mampaharary ny fon'ny olona tsirairay ve tokony ho entin'ny fiangonana am-bavaka miaraka?
  - Iza avy ireo olona tsy tonga ny Sabata maraina? Amin'ny fomba manao ahoana no ivavahantsika ho azy ireo?
3. **Apetraho amin'Andriamanitra ny zavatra rehetra.** Nangataka ho an'ny faniriana lalina tao am-pony i Hana kanefa koa nampanantena izy fa hamerina ny zavatra rehetra Aminy, natoky fa hanantanteraka ny drafitra nomaniny Izy. Mety ho azony natao ny nangataka zanaka tamin'Andriamanitra sy ny nitaky izany taminy, kanefa dia navelany Andriamanitra hiditra antsehatra teo amin'ny nofinofiny sy hanatanteraka izany amin'ny fomba fantany fa mety indrindra. Azontsika entina eo amin'Andriamanitra ihany koa ny zavatra andrasan'ny olona, ny fiangonana, ny asa fanompoana ary mangataka Azy mba hanatanteraka izany araka izay mifanaraka amin'ny sitrapony.

4. **Manantenà fa hamaly Andriamanitra.** Rehefa niteny i Ely dia nihaino azy i Hana satria nino izy fa hamaly Andriamanitra. Moa ve rehefa mivavaka isika dia manantena fa tena hihaino sy hamaly tokoa Andriamanitra? Sa manantena fotsiny isika fa mihaino sy mamaly Izy? Ilaintsika ny miaiky ny fisalasalantsika sy ny mangataka an'Andriamanitra mba hampitombo ny fitokisantsika. Takio ny teny fikasany. Misaora Azy mialoha ny amin'izay efa hataony - eny fa na dia tsy mbola misy na inona na inona mitranga aza.
5. **Hajanony ny fitomaniana.** Mety tsy mitomany tahaka an'i Hana angamba isika, kanefa matetika loatra rehefaavy mivavaka isika dia mbola feno fanahiana sy mieritreritra hatrany izay manjo ny olona, ny filàn'izy ireo sy ny toe-javatra izay vao napetratsika teo amin'Andriamanitra. Mbola manahy foana ve isika, sa efa miaina amim-pinoana isika fa efa miditra an-tsehatra sahady Andriamanitra? Rehefaavy nivavaka i Hana dia nandeha "tsy nalahelo intsony ny tarehiny." Nino izy fa nihaino azy Andriamanitra ary hamaly azy, dia napetrany teo Aminy ny toe-javatra. Isaky ny mbola mampiasa saina antsika izay efa napetrantsika teo amin'Andriamanitra, dia mbola ilaintsika indray ny mametraka izany eo Aminy. Misaora Azy fa efa miditra an-tsehatra sahady Izy.
6. **Miandràsa sy miasà.** Nivaly ny vavak'i Hana tamin'ny fotoanany. Rehefa niandry tamimpaharetana izy, nanantena fa hamaly Andriamanitra, dia tsy nijanova fotsiny tamin'izao izy. Nanao ny anjara tandrify azy izy nanao izay hahatonga ny vavaka hivaly. Amin'ny fomba ahoana no handraisantsika anjara mba hisian'ny valim-bavaka? Moa ve manambara ny fitiavan'Andriamanitra amin'ireo olona izay ivavahantsika isika? Raha nangataka Azy isika hanampy antsika eo amin'ny tolona atao amin'ny fahotana, moa ve manao ny anjarantsika isika? Moa ve isika nisafidy, noho ny Heriny, hiala fotsiny, hanao hoe tsia, sa mamorona fitondrantena vaovao isika? Efa nangataka tamin'Andriamanitra izay tiany hataontsika ve isika eo ampiandrasana izay hataony?
7. **Miderà Azy ary misaora Azy.** Rehafa nitondra an'i Samoela tao an-tranon' Andriamanitra i Hana, dia nidera Azy izy. "Ny foko ravoravo amin'i Jehovah, Ny tandroko voasandratra amin'i Jehovah; ny vavako misokatra hamaly ny fahavaloko; fa mifaly amin'ny famonjenao aho. Tsy misy masina tahaka an'i Jehovah, fa tsy misy afa-tsy Hianao;..." (1 Sam. 2:1-2). Mila midera sy misaotra an' Andriamanitra isika ny amin'izay rehetra efa nataony - tsy satria mila ny fiderantsika Azy Izy fa noho izay ataony ao am-pontsika sy ao an-tsaintsika. Ny fankasitrahana dia mampahatsiayh antsika hoe iza moa Andriamanitra sy ny fanomezany antsika risi-po hiatrehana ny ady manaraka indray.

Azontsika atao ihany koa ny manao vavaka izay manova izao tontolo izao. Mety tsy hanova izao tontolo izao manontolo angamba ny vavaka ataontsika, fa kosa hanova ny tontolo manodidina antsika – eny fa na dia mety ho ny tontolon'ny olona iray aza angamba – ho amin'ny mandrakizay. Ny olona iray dia mety hanova ny fiainan'ny olona iray hafa koa, dia toy izany hatrany hatrany. Mety tsy ho tsapantsika ny vokatry ny vavaka ataontsika izay hisy fiantraikany hatrany amin'ny mandrakizay, fa ho avy ny andro – tsy ho ela intsony – Jesosy dia hitondra antsika hody. Hanana ny mandrakizay isika handrenesantsika ny fomba nampiasain' Andriamanitra ny vavaka nataon'ny olon-tsotra tahaka an'i Hana, tahaka anao, tahaka ahy, nanova izao tontolo izao ho Azy.

## Fandaharam-potoana amin'ny tolakandro

**Toerana :** Mivory ao am-piangonana ny rehetra, na raha toa ka kely ny tarika misy anao, dia azonareo atao ny mivory amin'ny toerana izay mampahazo aina anareo tsy misy fanelingelenana.

**Fanombohana:** Ny feon-javamaneno mandrakariva no manasa ny olona sy manomana azy ireo. Atombohy amin'ny hira vitsivitsy izay ankafizin'ny olona ny fotoana mba hanomana ny fiangonana ho amin'ny rivo-piainana feno fanajana sy hampirisika azy ireo hitady an' Andriamanitra.

**Fiarahabana :** Ny mpitarika no miarahaba ny olona sady manao teny fampidirana :

- Natao hivavahana sy hikatsahana an'Andriamanitra ity fotoana ity.
- Tehirizina ho tsiambaratelo ny zavatra rehetra eto ary tsy tokony aparitaka any ivelan'ity efitrano ity.
- Mihoatra noho ny teny avoaka ny fivavahana. Takio amin'Andriamanitra ny teny fikasana voarakitra ao amin'ny Soratra Masina. Manaova hira andininy iray na roa iarahan'ny rehetra.
- Ataovy izay hampahazo aina anareo – mipetraka, mitsangana, mandohalika, sns.
- Aza angonina mialoha ny antom-bavaka. Hazavao fa fotoanan'ny fivavahana izao fa tsy firesahana, noho izany dia ilaina ny mivavaka amin'ny fotoana natokana ho amin'izany.
- Ny lohahevitra amin'ity tolakandro ity : « Ireo vavaka izay manova izao tontolo izao. » Hanaraka ny ohatra nomen'i Hana isika amin'ny fivavahana tena izy mivoaka avy any anatin'ny fontsika lalina any. Androany isika dia hivavaka manokana ho an'ireo olona izay antenaintsika fa hanolotra ny fiainany ho an'Andriamanitra sy manolo-tena hiara-mandeha Aminy.

### Tari-dalana ho an'ny mpitarika:

- Tadidio fa tsy misy maharatsy ny fahanginana amin'ny fotoanan'ny fivavahana. Mandritra ny fivavahana, dia aoka tsy hisy hahatsapa fa ilaina ny mameno ny banga na faranana mialoha ny fotoana ny vavaka. Mety misy olona manararaotra iny fahanginana iny hanaovany vavaka manokana sy haingana, ny sasany kosa dia mety mila fotoana kely vao afaka manonona vavaka amin'ny feo mafy. Avelao ny fahanginana hanjaka. Manisà fotsiny segondra vitsivitsy – eny hatramin'ny 30 segondra aza – mba hahafahan'ny Fanahy Masina mandrisika olona hivavaka.
- Raha toa ka tsy zatra miara-mivavaka ao anatin'ny tarika, ao anatin'izany ny Soratra Masina atao vavaka sy ny fihirana mandritra ny fotoam-bavaka ny fiangonanao, dia mila mitarika manome ohatra ianao. Azonao atao koa ny mangataka olon-kafa alohan'ny fotoana mba hitarika hanome ohatra amin'ny alalan'ny Soratra Masina atao vavaka na amin'ny fitarihana hira mandritra ny fotoam-bavaka. Na dia ny fiara-mivavaka aza no laharam-pahamehana dia araraotina ihany koa ny fotoana mba hahafahanana mampianatra ny olona ny fomba fivavahana ao anatin'ny tarika iray.

**Fotoam-bavaka :** Zaraina ny tari-dalana mikasika ny “Manao vavaka manova izao tontolo izao.” Ny mpitarika dia tokony hanome anjara ny mpanatrika, sady mampiasa ny tari-dalana.

**Famaranana:** Faranana amin'ny fiderana sy ny fankasitrhana ny fotoam-bavaka. Farano amin'ny hira iray na roa mifantoka amin'ny fiderana an'Andriamanitra ny fotoana amin'ny tolakandro.

Mety misy fiangonana vitsivitsy misafidy ny hiara-misakafo ho famaranana ny fotoanan'ny fifadian-kanina. Aoka mba hatao tsotra ny sakafy fa atao kosa izay hahatonga ny latabatra hanintonia mba hisian'ny rivo-piainana manokana sy mahafinaritra.

## **Manao vavaka manova izao tontolo izao**

### **Tari-dalana**

**Fanombohana arahina fanokanana sy fanoloran-tena:** Azon'ny mpitarika atao ny manomboka amin'ny alalan'ny fanokanana ny fotoana ho an'Andriamanitra. Asao Andriamanitra izay tompon'ny hery sy ny fahefana rehetra, hanetsika ny fo, handresy lahatra, hampahery, hametraka fihaihana ary koa hanao fanamafisana. Manasà olona hafa hanao vavaka fanokanana ny fotoana manontolo ho an'Andriamanitra sy mangataka Azy mba hitarika izany. Angataho Izy mba haneho izay olona tokony hivavahana sy hanampy antsika mba hahita ny olona araka ny fahitany azy – mba hihalalina hatrany ny fitiavantsika azy ireny sy mba hanokafantsika ny fontsika ho an'ny hafa.

**Mivavaha araka ny tokony ho izy.** Toy izao no tokony handanantsika ny ankamaroan'ny fotoam-bavaka – mivavaka ho an'ny tena filàna marina izay ao am-pontsika ao, ho an'ny olona hafa, sy ny fiangonana. Eto koa izany no mety ho fotoanan'ny fahanginana. Amin'ny maha-mpitarika, mametraha fanontaniana amin'ny olona. Tadidio ireo fanontaniana niainga avy tamin'ny vavaka nataon'i Hana:

- Ilaintsika ve ny mivavaka ho an'ireo zavatra mampaharary sy mahatonga fisarahana ao amin'ny fiangonana?
- Ilaintsika ve ny mivavaka mba hahazoana famelan-keloka? Fanasitranana? Herim-po?
- Inona no tanjona kendrena, ny vina ary nofinofy ho an'ny fiangonantsika? Tena mivavaka ho amin'izany marika tokoa ve isika?
- Misy zavatra mampaharary ny fon'ny olona tsirairay ve tokony ho entin'ny fiangonana am-bavaka miaraka?
- Iza avy ireo olona tsy tonga ny Sabata maraina? Amin'ny fomba ahoana no ivavahantsika ho azy ireo?

Mety ho mora kokoa angamba ny manomboka amin'ny vavaka ho an'ny hafa. Asao ny olona rehetra mba hanandratra ireo olona izay antenain'izy ireo hanolo-tena ho an'Andriamanitra. Ampirisihio izy ireo mba hanonona azy ireo amin'ny fanampin'anarany ary koa tsy hilaza tsipirian-javatra betsaka mikasika ny fiainan'ny hafa. Afantohy amin'ny famonjena sy fitakiana ny teny fikasan'Andriamanitra ho azy ireo ny vavaka. Rehefa mivavaka ny olona, dia asao koa ny hafa mba hivavaka ho an'ireo anarana voatonona tetsy aloha; ohatra: Misy olon-kafa ve vonona hiara-mivavaka amin'i Alice hivavaka ho an'ity olona iray ity?

Avelao handeha tsara ny fotoam-bavaka, na dia izany aza dia tariho ihany. Eny anelanelany eny, mametraha fanontaniana toy ny hoe “Iza no tsy tonga tamin'ny Sabata maraina? Iza amin'ny mambran'ny fiangonana no entintsika am-bavaka? Ampaherezo ny olona mba tsy hanao tonom-bavaka manokana mikasika ny fiainan'ny hafa fa kosa mivavaka ho an'ny fidiran'ny herin'Andriamanitra an-tsehatra. Tsy ampirisihina ny fifosana ‘masina’ ary mivavaha ho an'ny hafa tsy misy fitsaratsarana mialoha na amin'ny toe-tsaina mitsikera.

Ny manaraka, dia azo atao indray ny mifindra manao vavaka ho an'ny fiangonana. Aoka ho toy izao ny fanombohan'ny vavaka ataonareo, “Ray ô, fanirianay raha toa ny fiangonanay ka tonga toerana azo antoka hahatonga ny olona hanatona sy hahafantatra Anao. Tompo ô! Ataovy izay hahatonga izany ho toerana azo antoka izay hahatonga azy ireo hitombo sy hanomboka hiara-

mandeha Aminao. Moa misy fahotana izay tokony hiaiken'ny fiangonana sy hangatahany famelan-keloka ve?

**Apetraho amin'Andriamanitra ny zavatra rehetra.** Nangataka i Hana mba hahazo an'i Samoela, ary rehefa avy eo dia nomeny an'Andriamanitra tamin'ny fony manontolo izany. Manokàna fotoana izay hametrahana ny olona sy ny antom-bavaka manontolo eo am-pelatanan'Andriamanitra. Aoka tsy ho tratry ny fanahiana isika na hikiribiby fa tsy maintsy araka izay eritreretintsika ny zavatra hitranga; avelao Andriamanitra hanatanteraka ny sitrapony. Io koa no fotoana izay hifonantsika amin'Andriamanitra tamin'ny nisalasalantsika ny momba Azy sy ny mety hamaliany ny vavaka ataontsika. Ny mpitarika no mivavaka voalohany manome ohatra. Rehefa avy eo izy dia manasa ny hafa mba hivavaka ho an'ireo antom-bavaka samihafa ary hametraka eo amin'Andriamanitra manontolo ny fanahiana, sy ny fisalasalana ary ny tahotra.

**Manantenà fa hamaly Andriamanitra.** Mandania fotoana hanamafisana ny finoana an' Andriamanitra sy hahazoan'antoka fa hanatanteraka ny teny fikasany Izy. Asao ny hafa mba hitaky ny teny fikasana sy hisaotra Azy ny amin'izay efa ataony sahady – eny fa na dia mbola tsy hitantsika aza izany. Misaora Azy ny amin'ny fitiavany ireo olona izay hivavahantsika mihoatra noho ny fitiavantsika azy ireo. Miderà Azy satria Izy dia hanao mihoatra ho an'ireo olona ireo, mihoatra noho izay antenaintsika sy saintsainintsika. Takio ireo teny fikasana ao amin'ny Baiboly fa Andriamanitra dia manana drafitra synofinofy ho an'ireo zanany ary Izy dia hanatanteraka ny asa izay efa natombony.

**Aoka isika ho mpandray anjara amin'ny valim-bavaka.** Angataho Andriamanitra mba haneho amintsika ny fomba tokony atao mba hahatonga antsika ho mpandray anjara amin'ny valim-bavaka. Angataho Izy mba hanome hevitra antsika na hanosika antsika hanao zavatra na hiteny hanambara ny fitiavany. Mivavahà ihany koa mba hiarovany antsika tsy hanao zavatra na hiteny zavatra izay mampalahelo Azy na koa tsy hahazoantsika maneho Azy amin'ny fomba tsara. Ity fizarana ity dia mampahatsiayh antsika fa Andriamanitra dia mety manana asa hampanaochina antsika.

Mialoha ny famaranana, dia mety azonao atao ny manontany raha toa ka mbola misy olona hafa izay maniry mba hivavahana ho an'ny olona iray hafa. Mety misy toe-javatra tonga ao an-tsaina mandritra ny fotoam-bavaka, na koa misy olona izay tsy manana fahasahiana hiteny. Mivavaha manaraka ilay dingana voalaza tetsy aloha miaraka amin'ny anarana vaovao, fa mety ho haingana kokoa ny fizotrany amin'ity indray mitoraka ity.

**Fiderana sy fankasitrahana.** Farano amin'ny fotoanan'ny fiderana sy fankasitrahana ny fotoana amin'ny tolakandro. Asao ny olona mba hifantoka amin'Andriamanitra. Derao Izy amin'ny maha-Izy azy. Isaory Izy ny amin'izay ataony sy izay hataony amin'ny ho avy.

Farano amin'ny hira iray na roa mikasika ny fiderana sy ny fankasitrahana ny fotoana amin'ny tolakandro.

## **Fanasana ho amin'ny fifadian-kanina sy ny fivavahana**

« Manomboka izao sy amin'ny ho avy mandra-pahatapiry ny fotoana, ny vahoakan' Andriamanitra dia tokony ho matotra kokoa, hifoha kokoa, tsy hatoky ny fahendren'ny tenany, fa kosa hatoky ny fahendren'ny Mpitarika azy ireo. Tokony hanokana fotoana hifadian-kanina sy hivavahana izy ireo. Mety tsy ho takiana ny fifadian-kanina manontolo, fa izy ireo kosa dia tokony hihinana sakafo faran'izay tsotra. » (Counsels on Diets and Foods, pp. 188, 189).

« Ao amin'ny Baiboly dia tsy safidy ny fifadian-kanina. Zavatra tsy maintsy atao izany. Tsy nilaza izao ny Matio 6:17, « Raha mifady hanina ianao, » izao kosa no lazainy « Rehefa mifady hanina ianareo. » Ny fifadian-kanina dia anisan'ny tafiditra ao anatin'ny fomba fiainan'ireo mpino, tahaka ny mivavaka sy ny mianatra ny Baiboly. Raha ny marina, ny olo-malazan'ny Baiboly tsirairay dia nifady hanina. ... Rehefa dinihina ireo fifadian-kanina ao amin'ny Baiboly, dia ho hitanareo fa amin'ny fotoana rehetra izay hanaovan'ny vahoakan' Andriamanitra fivavahana sy fifadian-kanina, Andriamanitra dia manao asa lehibe amin'ny alalan'izy ireo. Manomboka eo amin'ny fanafahana eo ambanin'ny ziogan'ny fahavaloo eo amin'ny ady fanafahana avy amin'ny fonja izay andraisan'ny hery ivelan'ny herin'olombelona anjara, ka mandra-pandrotsaka ny Fanahy Masina tamin'ny Pentekosta, sy ny sisa sy ny sisa, dia mahita modely isika. Ary io modely io dia miverimberina nandritra ny tantaran'ny fivavahana kristianina. » (Melody Mason, United in Prayer Coordinator, General Conference).

Manasa ny mambra isika mba hiaraka amintsika mandritra ny andron'ny fivavahana sy fifadian-kanina ho an'ny fiangonantsika ary indrindra ho an'ireo izay maniry hahafantatra an'i Kristy amin'ny alalan'ny fifandraisana tena izy, izay mitondra ho amin'ny famonjena sy ny fiainana manolo-tena ho an'Andriamanitra. Aoka hiara-mivavaka ho an'ireo zanatsika, sakaizantsika, fianakavantsika, mpifanolobodirindrina amintsika, mpiara-miasa amintsika ary ny fiaraha-monina isika.

## Inona no atao hoe « fifadian-kanina » ?

Ny fifadian-kanina dia mihoatra noho ny tsy fihinanan-kanina fotsiny. Raha ny tena izy, ny tena tiana hotsindriana amin'ny fifadian-kanina dia tsy ny handingana sakafo fa ny hampitomboana ny fotoana hivavahana. Ny fifadian-kanina dia safidy hanao zavatra tsy misy na inona na inona mba hahazoana mivavaka sy mifantoka bebe kokoa. Maro no misafidy ny handingana sakafo, kanefa tsy ny olon-drehetra no afaka mifady hanina tanteraka, ary tsy ny olon-drehetra ihany koa no mifidy izany karazana fifadiana izany. Afaka misafidy ny hihinana sakafo tsotra sy malefaka kokoa ianao. Azonao atao koa ny mifady zavatra iray na roa, toy ny tsindrin-tsakafo na sakafo namboarina tamin'ny fomba manokanasy moderina. Ny fifadian-kanina ihany koa dia mety hiseo amin'ny tsy fampiasana tambazotra ara-tsosialy, tsy fijerena fahitalavitra, na koa ny fampiatoana ireo fahazarana mandany fotoana.

Raha mifidy ny mifady hanina tanteraka ianao (ataovy izay ahazoana antoka fa ampy tsara ny rano na ranom-boankazo izay sotroinao), ny fotoana izay lanianao amin'ny fahandroana sy ny fihinana dia atokany ho an'ny fivavahana. Raha mifady zavatra iray na roa ianao, isaky ny alaim-panahy hihihana izany ianao, dia mivavàha. Isaky ny alaim-panahy hampiasa ny tambazotra ara-tsosialy ianao, dia mivavàha.

Tadidio fa ny fifadian-kanina dia tsy misy antoka fa hovaliana ny vavakao amin'ny fomba izay iheveranao azy. Ny fifadian-kanina dia tsy midika hoe hihaino antsika bebe kokoa Andriamanitra na hamaly antsika bebe kokoa Izy. Ny fifadian-kanina dia mikasika izay mitranga ao am-pontsika sy ao an-tsaintsika. Izany dia mahatonga antsika hahatsapa bebe kokoa ny fahalementsika ary hiankina bebe kokoa amin'Andriamanitra. Ny fifadian-kanina dia mahatonga antsika hanana fironana bebe kokoa amin'ny fivavahana sady mampahatsiahy antsika ny amin'ny tokony hivavahana bebe kokoa ho an'ireo zavatra izay tena ao am-pontsika lalina ao.

Manasa anao izahay mba hivavaka sy hangataka amin'Andriamanitra aloha, ny fomba izay hifadianao hanina – ekeo ny fitarihany anao mba hahazoanao manokana fotoana bebe kokoa hiarahana Aminy amin'ny alalan'ny fivavahana ?

Avy eo dia manasa anao izahay hiaraka aminay mandritra ny andro natokana ho an'ny fivavahana sy fifadian-kanina iarahana amin'ny fiangonana. Na dia misafidy ny tsy hifady hanina aza ianao, dia miaràha aminay amin'io andro fivavahana io. Mandania fotoana alohan' ireo fotoam-pivavahana amin'ny andro Sabata hivavahana sy hanasana an'Andriamanitra mba hanomana ny fonareo sy ny sainareo. Manasà Azy ianao handresy lahatra anao ny amin'ny fahotana rehetra izay mampisaraka anao Aminy. Ekeo ireo. Mangatàha fanadiovana, fanasitranana ary famelan-keloka. Asao Izy hampiseho aminaizy olona tiany mba hivavahanao. Ento ireo anarana ireo amin'ny fotoam-bavaka amin'ny Sabata, ary hiaraka hivavaka ho azy ireo isika.

Misy olona sasany tsy mahazo aina rehefa mivavaka amin'ny feo avo, noho izany dia mandositra ny fotoana fiaraha-mivavaka iombonana izy ireo. Manasa anao izahay hiaraka aminay na dia izany aza. Afaka mivavaka amim-pahanginana miaraka aminay ianao, manandratra ny antombavaka ho an'ny hafa sady koa mivavaka ho an'ireo olona sy zavatra izay entin'Andriamanitra ao am-ponao. Ary ho an'ireo izay matahotra sao dia tsy « tsara loatra » ny vavaka ataony, dia

fantaro fa Andriamanitra dia tsy mihaino ny tenintsika fotsiny fa mijery ny fontsika koa. Tsy mijery ny vavaka tsy dia tsara loatra izy fa kosa mijery ny fahatsoram-pon'ireo mpivavaka izay mitady Azy. Raisiny mandrakariva na dia ireo vavaka tsy tomombana aza, na teo amin'ny fanononana ny teny izany, na koa tsy voalaza mazava tsara ilay tonom-bavaka. Na dia tsy mahay mivavaka aza isika, dia fantany. Mihaino izy. Ary manasa antsika Izy mba hiara-mivavaka. « Ary lazaiko aminareo koa: Raha misy roa aminareo mifanaiky ety ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin'ny Raiko Izay any andanitra izany. » (Mat. 18:19).

Manantena anao hiara-mivavaka aminay izahay.